Kolikoly amin'ny resaka letchi 2

**Any amin'ny PAC ny baolina hoy ny Transparency International**

Raharaha Rio Tinto/QMM 3

**Tsy milamina ny adiny amin'ny mponina...**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 3 desambra 2022 Laharana 1375

Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Trano manara-penitra nirodana 3

**Zavatra tsy hay aza ibitabitahana**

## Fitondrana Rajoelina 3

# Fitondrana lany henatra tsy manana fanetren-tena




## Antananarivo renivohitra 2

# Mitohana toy ny fifamoivoizana ny asan'i Vazahabe sy ny ekipany



## Antenimierandoholona 2

# Tsy maha voaloa ny karaman'ny mpiasa koa




## FIFA World Cup 2022 5

# Fantaro ireo fandaharan-dalao rehetra amin'ny 1/8-dalana



**Championnat Scooter 2022** 6

**Ho karakarain'ny TRS eny Ivato amin'ny alahady**

**Masoivoho Amerikanina** 6

**Nanome fanampiana an'ireo zaza kambotin'ny polisim-pirenena**

**Daka kely**

**Efa mifono vy mihitsy ve nareo ry Boaikely amin'ny resaka henatra a ?**

ANTANANARIVO RENIVOHITRA

# Mitohana toy ny fifamoivoizana ny asan'i Vazahabe sy ny ekipany

Tsy voafehin'i Vazahabe sy ny ekipany intsony ny andraikiny, izay no azo amehezana ny zava-misy amin'ny fitantanana ny renivohitr'i Madagasikara amin'izao fotoana. Efa navoaka ny hetra ho an'ny manana trano eto Antananarivo, nidangana be avokoa izany, izao vao nisy ny fanalefahana. Izany no midika, fa tsy mba nisy fandinihana lalina mialoha izany, mialoha ny namoahana ireny hetran-trano nidangana be ireny. Izao vao mihemotra amin'ny fanapahan-keviny ny fiadidiana ny tanàna, efa voaporofo anefa tamin'ireny toe-javatra ireny, fa tsy ao mihitsy ny fitantanana miainga avy etsy amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely. Hita porofo koa izao fa very tanteraka ny lazan'ny renivohitra noho ireo antoka nomena sy antsoantso izay natao tany aloha, miseho ho vazaha feno rehefa hanao zavatra ; nefa vazaha tapany aza tsy tratra. Tsy voafehy amin'ny tokony ho izy, satria raha ny loto sy fako fotsiny ohatra, dia tsy azo iainana intsony raha atao indray mijery. Fiara vaventy 11 isa no nambarany fa atolotra ny C.U.A raha izy no lany hitantana ny kominina, mba hanadiovana ireo dabam-pako sy ny hanadiovana ireo faritra iva misy loto. Teo koa ny antsoantso fa hanamboatra ireo làlana simba eto amin'ny manodidina, nefa dia lainga fotsiny hoy ny vahoaka marobe sendra anay, porofo mazava ny eny Manjakaray sy Ambodivona, lavaka manimba fiara ary efa fotaka sahady amin'izao fahavaratra izao. Ny olana manaraka dia ny fitohanana etsy sy eroa ity, noho ireo loto sy lavadavaka voalaza ery aloha, zara raha misy polisy mba mandamina ireo làlana be posiposy sy sarety, toy ny eny Ambodivona sy Manjakaray hatrany, mba misy paositry ny polisy ihany nefa na polisy iray aza tsy tazana, mba mandamina nefa ny andro alarobia, andro tsenan'Andravoahangy. Hita sy tsapa araka ireo rehetra ireo, fa mitohana toy ny fifamoivoizana avokoa ny asan'ny ben'ny tanàna Vazahabe sy ny ekipany, ny lalana rahateo mitohana ka nahatonga ny mponina Avaradrano hilaza taminay fa miala eo Analamahitsy hatreo Manjakaray ve dia 120 minitra vao vita, moa tsy efa kitoatoa avokoa no manodidina izany? ny orana rahateo efa latsaka, ny fako miparitaka sy mamofona n'aiza n'aiza, hita fa tsy feno intsony ny vitan' i Vazahabe fa lasa tapany...



*Toy izao ny fitohanana eto an-drenivohitra.*

**Beharo**

Antenimierandoholona

# Tsy maha voaloa ny karaman'ny mpiasa koa

Tsy maha voalo ny karaman'ny mpiasa koa amin' izao fotoana ny etsy amin'ny Antenimierandoholona. Nitokona tsy nety nandray ny asany ireo mpiasa eo anivon'ity andrimpanajakana mpanao lalàna ity omaly vokatry ny tsy fahazoan'izy ireo ny tambin-karamany. Tsy misy vola hamahana ny olana ny fanjakana. Efa nisy ihany ny fifampiresahana fa tsy nisy vokany. Raha ny fantatra, omaly no tokony niroso tamin'ny fandaniana ilay volavolandalana mifehy ny tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2023 ireo loholon'i Madagasikara.

Raha nanodidina ny 17 miliara Ar ny tetibola ho an'ny Antenimierandoholo teo aloha, izay nizara ho an'ny senatera niisa 63.



*Ireo mpiasa nitokona tetsy amin'ny Lapan'Anosikely.*

Nahavoaloa ara-dalàna ny karaman'ny mpiasa ary nahazo solompenakoho ireo mpiasa rehefa fety. Ankehitriny dia nampiakarina ho 19 miliara Ar izany tetibola izany ary mizara ho an'ny senatera miisa 18. Ny mahagaga ny maro dia nahena ny isan'ny senatera, ny vola ampiasaina nampitomboina, kanefa dia tsy mahaloa karama ara-dalàna ny Antenimierandoholona tarihan'ny filohany Herimanana Razafimahefa. Misy arak'izany ny tsy fahaiza-mitantana ao anivon'ity andrimpanjakana ity. Nilaza ireo mpiasa fa:"ny filoha Rajoelina efa nilaza fa mandany vola ny " senat " ka saika nofoanany. Rehefa tsy tanteraka anefa izany dia nampitomboiny indray ny vola lanian'ny senatera. Karama volana novembra no tsy voaefa. Taloha, ampy tsara ny vola sady mbola nahazo solompenakoho, 13ème mois, gisa, vary, menaka, amin' izao anefa ny budget 19 milliards Ar,18 senateurs fotsiny, tsy mahazo karama mois de novembra akory. Mbola tsy nisy tanatin'ny 60 taona izay," hoy ireto mpiasa ao Anosikely ireto.

**Stefa**

Madagasikara sy Maorisy

# Nankatoavin'ireo depiote ny fifanarahana ara-pitsarana

Nankatoavinan'ireo Solombavambahoakan'i Madagasikara ny alakamisy teo, teny amin'ny Lapan'i Tsimbazaza, ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2022 tamin'ny 20 jolay 2022 « autorisant la ratification de l'Accord d'entraide judiciaire en matière pénale entre le Gouvernement de la République de Madagascar et le Gouvernement de la République de l'île Maurice,» volavolan-dalàna momba ny fifanarahana ara-pitsarana eo amin'i Madagasikara sy ny Nosy Maorisy.


*Ireo depiote nivory teny Tsimbazaza.*

Efa vita sonia ny taona 2019 tany Port Louis, Maorisy ny fifanarahana momba ny fifanampiana ara-pitsarana amin'ny resaka ady heloka, eo amin'i Madagasikara sy Maorisy, fa tsy maintsy mandalo ny dingana eny amin'ny parlemantera hampanan-kery azy.

Ny tanjona dia ny hampahomby ny fiaraha-miasa ara-pitsarana eo amin'ny roa tonta. Voafaritra anatin'izany fifanarahana izany ny andinindininy mahakasika ny paikady, sy ny fepetra ary ny famaritana manodidina ny fanadihadiana sy fanenjehana ireo heloka mahasaringotra ny firenena roa.

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Kolikoly amin'ny resaka letchi

### Any amin'ny PAC ny baolina hoy ny Transparency International

Tsy hamono tena ny Transparency International Initiative Madagasikara (TI-MG), raha nilaza fa misy kolikoly avo lenta ny fandraharahana ny vokatra fanondrana letchi eto amintsika, hoy ny tale mpanatanterak'ity fikambanana iraisam-pirenena manana sampana eto amintsika ity, Ketakandriana Rafitoson, raha nitafa tamin'ny mpanao gazety izy afak'omaly. Nisy ny fanadihadiana lalina hoy izy nataon'ny TI-MG nandritra ny 3 taona momba ity raharaha ity, ka manana porofo izy ireo, mahakasika ny raharaha maizina amin'ity sehatry ny fandraharahana sy fanondrana letchi ity avy eto amintsika mankany ivelany ity. Tsy nitory ny GEL, na ny vondron'ny mpanondrana letchi koa izy ireo, fa nampahafantatra fotsiny ny zava-misy amin'ny mpitsara misahana ny ady amin'ny kolikoly ny momba izay fisiana fahalovana be izay, eo amin'ity seha-pihariana mampiditra vola be ity tokoa, nefa olom-bitsy no mitavana sy mifehy izany. Any amin'ny PAC arak'izany ny baolina ny amin'ny tokony hanenjehana ireo mpanao kolikoly ireo. Ka dia ho hita eo ny ho tohiny. Tsara ho marihina momba ity raharaha ity, saika nanohana an'i Ketakandriana Rafitoson sy ny filohan'ny filankevi-pitantanan'ny TI-MG, Dominique Rakotomalala avokoa ireo masoivoho vahiny miasa sy monina eto amintsika, tamin'ny niakaran'izy ireo teny amin'ny polisy misahana ny raharaha toekarena. Vokatr'izay, najanona fa tsy nampiakarina tany amin'ny fampanoavana ny raharaha mahakasika azy ireo. Raha ny fahitana ity raharaha ity, tokony hitohy ny fanadihadiana hataon'ny PAC, satria manara-maso akaiky izany ny fianakaviambe iraisam-pirenena eto amintsika, efa manana dosie rahateo izy ireo avy any amin'ny TI-MG, ka ny manamarina sisa ataony. Efa miandry trondro vaventy ny rehetra mahakasika ny raharaha tahaka itony, fa tsy ny trondro kely ihany no midoboka am-ponja lava izao.

**Isambilo**

## TONONKALO

### Ry mpitondra ihandronan`ny tsiny !

Ihandronan`ny tsiny ianareo mianakavy,
Ka tsisy manjary ireo zava-kinasa.
Mijanona ho teny sy ronono an-tavy,
Ireo zava-dazaina fa tsy arahina asa!

Ny trano najoro , nirodana ho azy.
(Tsy oram-baventy na rivo -nifofo!)
Midika f`izany dia karazan-tsazy
Mihàtra amin`ny olona mpanao barofo !

Ihandronan`ny tsiny ianareo mianakavy,
Ka tena milentika ny firenena.
Dahalo daholo na lahy na vavy:
Mpanjakan`ny halatra sy ny hafetsena !

Mihinana nefa tsy mahalala onony.
Tena miletra fa tsy mba misangy,
Ka laninareo miaraka amin`ny fonony,
Ireo mampatavy sy mahabe nangy !

Ihandronan`ny tsiny ianareo mianakavy
Ka hisy hatezerana hipoaka atsy ho atsy.
Mihevera raha mbola ianareo no hamosavy
Ireo gasy efa reraka sy lany vatsy !

**DADAN`i ZINA (01-12-22)**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Fitondrana lany henatra, tsy manana fanetren-tena

Tsy mitsahatra ny miteniteny foana sy manome toky an-kamehana ary mandainga, sy tsy misy fanetren-tena izao fitondrana amin'ny Repoblika IV-2, tarihan-Rajoelina Andry izao. Tena fitondrana lany henatra hoy ny mpandinika politika sy ny mpanaraka ny raharaham-pirenena. Tsiahivina mandrakariva mba hifantsika ao antsain'ny olompirenena tsirairay hahafahany mandray fanapahan-kevitra amin'izay olona heveriny, fa manana ny fahaizana sy traikefa ary fahendrena hoentiny mitantana ny Firenena amin'ny ho avy. Ny fotodrafitrasa na efa nametrahan'ny fitondrana teo aloha « vato fototra » (vato fehizoro) aza dia nidedahan-dRajoelina Andry niverenana nametrahana izany indray. Anisan'ireny ny Làlam-pirenena 5A mampitohy an'Ambilobe sy Vohémar sy ny Làlam-pirenena 13. Nanome toky koa ity filohan'ny Repoblika IV-2 ity, fa novitaina tao anatin'ny tapa-taona ny Làlampirenena 44 mirefy valopolo kilometatra, izay tsy mbola vita tanteraka hatramin'izao. Nidehaka fa novitaina haingana ny « pipeline » hamatsy rano ny Faritra Atsimo, tsy ho an'ny fambolena ihany fa ho an'ny mponina sy biby fiompy ihany koa. Tsy tanteraka hatramin'izao lalamahitsy farany (dernière ligne droite) hitantanan'izao fitondrana izao ny Firenena. Nanonofy Rajoelina Andry fa natao tany Manakara ny fankalazana ny 8 Martsa 2022 ary nanambara tamin'ny mponina tany an-toerana fa notokanana ilay « pont Bailey » mankao Manakara Be ravan'ny rivodoza. Nafindra tao amin'ny Renivohitr'i Vakinankaratra ny fankalazana ny Andron'ny Vehivavy. Notokanana izany tamin'ny herinandro lasa ka nampandry adrisa indray ny filohan'ny lamasinina haingam-pandeha, ka nilaza imasom-bahoaka indray izy fa hanangana Oniversite any Manakara faritra Fitovinany. Iaraha-mahatadidy fa vao nandray ny fitondrana Rajoelina Andry dia nanambara fa ho foana ao anatin'ny fotoana fohy ny delestazy ary raha 400 MW ny rianaratra novokarin'ny fitondrana nifandimby tao anatin'ny enimpolo taona dia hampitomboiny 400 MW amboniny izany ao anatin'izao dimy taona itondrany izao. Niha-mafy ny delestazy tato anatin'ny volana vitsivitsy ary manilika ny antony mahatonga izany noho ny lafiny teknika ny Jirama sy ny Minisiteran'ny Angôvo sy Akoran'Afo. Naiditra am-ponja na tsy mahazo mivoaka ny tanànan'Antananarivo na eo ambany fanaraha-mason'ny fitsarana, ny tomponandraikitra sasany amin'ity orinasam-pirenena ity fa nanodinkodim-bola nanao fitantanana tsy mahomby. Notokanan-dRajoelina Andry ny tohadrano mamokatra rianaratra 28 MW ao Farahantsana ny Alakamisy lasa teo. Tetikasa efa tamin'ny fotoana nitondran'ny Filoha Rajaonarimampianina Hery ity fotodrafitrasa ity kanefa tsy nanana fanetren-tena akory Rajoelina Andry mba nilaza fa fitohizan'ny asam-panjakana izany, fa izao vao vita ary izy no nitokana azy. Tsy mahagaga ny tsy fijoroan'izao fitondrana izao amin'ny fahamarinana, ka manasongadin-tena sy miseho ho mahavita zavatra sady tsy menatra miravaka ny vangin'ny voay tsy novonoiny. Hamokatra 28 MW ity tohadrano ao Farahantsana ity ary mbola nanipy ronono an-tavy ho an'ny Malagasy ka hamokatra herinaratra 500 MW indray ato anatin'ny dimy taona ho avy. Ny tsara ho marihana dia 28 MW eo amin'ny 400 MW nampanantenain-dRajoelina Andry no tanteraka herintaona mialohan'ny hifaranan'ny fotoam-piasany. Araka izany dia toa manonofy mbola hitondra ihany ity filohan'ny Repoblika ity aorian'ny fifidianana 2023. Ny tsy maintsy ao antsain'ny olompirenena rehetra dia tsy hamelona sy hanarina velively ny orinasampirenena ny tanjon'izao fitondrana izao raha ny toedraharaha iainana amin'izao fotoana izao. Entina manaporofo izany ny fanapotehana ny orinasam-pirenena Air Madagascar, ka nananganany ny Madagascar Airlines izay tsy mbola nahazo fankatoavana eo amin'ny sehatry ny fitaterana iraisam-pirenena hatramin'izao. Tsy takona hafenina ihany koa ny orinasam-pirenena Secren any Antsiranana izay sahirana sy mifofovolo fa tsy mandray vola efa ho herintaona izao ny mpiasa. Torak'izany koa ireo orinasa mpamokatra siramamy (Sirama) ao Brickaville sy any Namakia ary Ambilobe. Rehefa tena dinihana ireo toe-draharaha ireo dia te-hihazakazaka amin'ny fanorenana orinasa tsy miankina ny fitondrana Rajoelina Andry, satria izay ny fomba mahomby indrindra hangoronan-karena an-daniny sy hampahantrana ny vahoaka Malagasy sivifolo isan-jato mahery an-kilany. Tsy maintsy hampahafantarina izao mpitondra izao fa mbola maro ny Malagasy sady manam-panahy no olonkendry no manam-pahaizana no manana traikefa afaka hanarina ity Firenena ity, ka ho avy ny fotoana hitsarana ny nataonareo rehetra. Izao fitondrana izao koa no hita fa namono ny zotran-dalambe FCE, tamin'ny nividianany lohamasina roa izay tsy misy hisatra ny iray, ka tsy afaka nanao ny zotra intsony. Izao indray dia haverina hono ny zotra ary hiara-miasa amin'ny Madarail izay an'i Ravatomanga Mamy. Mbola bizina koa izany. Ny lalana Rocade Est izay efa tetikasa tamin'ny filoha Marc Ravalomanana, notohizan'ny filoha Rajaonarimampianina, tsy menatra Rajoelina nitokana izany ary tsy nilaza ihany koa fa fitohizam-pahefana no nahavitana izany.

***Andry Tsiavalona***

### RAHARAHA RIO TINTO/QMM

# Tsy milamina ny adiny amin'ny mponina, nametraka "service minimum" ny orinasa



*Ny orinasa Rio Tinto/QMM any Fort-Dauphin.*

Mbola tsy milamina hatramin'izao ny adin'ny orinasa Rio Tinto/QMM any Fort-Dauphin amin'ireo mponina manodidina ity orinasa ity. Taorian'ny fametrahana sakan-dalana ataon'ireo mponina manodidina dia tsy azo antoka ny fidirana mankany amin'ny toeram-pitrandrahana ao Mandena, nanapa-kevitra ny orinasa QMM ny hametraka ny asa famokarany ho « service minimum », mba ho fiarovana ireo mpiasa, ireo orinasa mpiaramiombon'antoka sy ireo fotodrafitrasa. Anisan'ny takian'ireo mponina any an-toerana ny fanonerana ny vidin'ny tanin'izy ireo, eo koa ny hanampiana azy ireo amin'ny fiainany satria tsy mandeha amin'izao fotoana ny jono ataon'ireo mpanjono, olana koa noho izany ny sakafo ho an'ireto mponina ireto, mahatonga izao fitokonana sy fanakanan-dalana ataon'izy ireo izao indray.

***Niaina***



## Trano manara-penitra nirodana Zavatra tsy hay aza ibitabitahana

**Foutsie Tsotsy :** mahafinaritra ny mijery sary... fa misy namako injeniera tezitra an... marina aloha ny azy eee! Manentsina ny mitriatra!

**Virginie Manirisoa :** hôiiiii mbakany.

**Domoina Rasamoelson :** Virginie Manirisoa : mandroso be ary izao koa!

**Virginie Manirisoa : Domoina Rasamoelson :** manao marche arrière- mbazaha.

**Foutsie Tsotsy :** Antsirabe moa ity?

**Di Yarh Ratiharinjanahary Patrick : Foutsie Tsotsy :** oui.

**Vonintsoa Fanja :** vonjena ny etsy, vonjena ny eroa ...

**Eddy Andrianasolo :** zavatra tsy hay tsy tokony hibitabitahana e !

**Eric Rakotoson : Eddy Andrianasolo :** vive werawera et mokamoka.

**Tsotra Zao :** hafa indray ty zany? Morondava efa nifotetaka iny kou inon indray? Kitoatoan'olona tsisy ilavanazy.

**Guy Jn Jc Ramaroson :** tsy mamaha olana, ilay hita maso fotsiny no takonana amin'izao, mila alehibiazina sy alalinina vao lalorina.

**El RRivo : Guy Jn Jc Ramaroson :** zaho vao saika hiteny.

**Ranaivoson Ncy Murielle :** dia mahasahy mametraka olona ao ve izy aorian'io ataony io.

**Rado Tsilavo Rakotobe :** "amboariko aloha fa volako ko".

**Heritiana Noë :** io vé dia hety intsony ry injeniera a!

**Mata Mada Fabrimala :** tokony izy no hapetraka ao amin'io trano mitriatra dia tampenana lalotra fotsiny io.

**Marius Ramilijaona :** zao lay mandany jiro fotsiny.

**Fab Lilly :** manarapenitra hono e! kay manarapenitra fôpla!

**Ra Zoly :** tranom-borona no vitan'ny vava. Ity trano ity vitan'ny molotra.

**Herinay Jonathan : Ra Zoly :** vana higadra agnareo zalahy.

**Ra Zoly : Herinay Jonathan :** nenitoanareo angaha?

**Skyteam Rak :** kiii kosa le! Tsy rariny zao!

**Poussy Best :** hahahahaaaaaa… koufounle lasopy haniko ato za amindri.

**Lea Françoise's :** tena miaiky Aho .

**Irène De Madà :** fa inona ity ? Loza.

**Justin Mbelo :** tena fitondran'ny mpanaotao foana mihitsy ity fitondran-dRajoelina sy ny forongony ty.


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Anjarasoa R.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao


Helisoa, Navalona

**Nitokona nitaky ny karamany tsy voaloa omaly, ireo mpiasa ao amin'ny Antenimierandoholona etsy Anosikely.**








**Solontena avy amin'ny Ambasadin'i Etazonia eto amintsika, nanome fanomezana ho an'ireo zaza kambotin'ny polisim-pirenena any Ambatolampy.**





**Fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny fizahantany tany Ranomafana distrikan'Ifanadiana faritra Vatovavy, afak'omaly.**






## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ary manaova hoe: vonjeo izahay, ry Andriamanitry ny famonjena anay ô, ary angôny izahay, ka vonjeo tsy ho azon'ny jentilisa, mba hisaoranay ny anaranao masina, ka ho reharehanay ny fiderana Anao."*

***I Tantara 16:35***

CHAN ALGÉRIE 2022

# Hanao lalao fanomanan-tena 4 be izao ny Barea Chan

Hiatrika lalao fanomanan-tena miisa 4 be izao ny Barea Chan tarihan'ny mpanazatra Rakotondrabe Romuald (Rôrô) amin'ny fanomanan-tena hataony hiatrehana ny dingana famaranana ny fifaninanana "Chan Algérie 2022". Ny voalohany amin'izany dia ny handraisany ny ekipa Malagasy milalao atsy La Réunion ahitana an-dry Mamy Gervais, Madi, Pascal, Ando, Tojo, Jaotombo, Jimmy Simouri, Voavy Faralahibe, Gladyson, Fabrice izay eo ambany fitarihan'ny mpanazatra Hassman Abdou amin'ny alahady 17 desambra 2022 ho avy izao etsy amin'ny kianjan'i Mahamasina hanomboka amin'ny 4 ora tolakandro . Ireo lalao fanomanan-tena 3 hafa kosa dia ho tanterahina any Tunisie mandritra ny hivahinianan'ny Barea Chan any an-toerana mba hahazoana mizatra ny toe-tany misy any Maghrebg ankehitriny. Amin'ny 02 janoary 2023 ho avy izao no hanainga ho any Tunisie ny Barea Chan. Teny Isoraka tamin'ny alakamisy 01 desambra 2022 nanoahana ny lisitr'ireo mpilalao miisa 36 handrafitra ny Barea Chan ary hangalana an'ireo 23 (natao 28) ho raikitra no nampahalalan'ny FMF sy Telma ary ny Canal + an'ireo vaovao ireo. Mpiandry harato : Nina, Edizard Madison, Andoniaina, Rajaomazandry. Vodilaharana : Elysée Tony, Jean Martin, Berajo, Louis Stéphano, Ando, Tantely, Avotriniaina, Soloniaina, Niaina Tsilavina. Irakiraka : Geraldo, Rado, Philémon, Lalaina, Abedi Simael, Tsiry, Heriniaina. Dax. Lohaharana : Koloina, Carlos, Onjaniaina, Tsito, Jean Aimé, Jean Yves, Feldman. Réservistes : Rija Fortunat, Tsilavina, Lucien. Mpilalao hafa hojerena manokana : Drogba, Foroche,Rija Rasoanaivo Marihana fa hanomboka amin'ny Alatsinainy 12 desambra 2022 ho avy izao ny fampivondronana an'ireo mpilalao voaantso ireo ka haharitra 20 andro eo ho eo mialohan'ny hiainga ho any Algérie ka tsy hisy fitsaharany na dia ao amin'ny andron'ny Noely sy ny fiandohan'ny taona 2023 aza.



*Ny mpanazatra ny Barea Chan 2022.*

***Rainilita***

FIFA World Cup 2022

# Fantaro ireo fandaharan-dalao rehetra amin'ny 1/8-dalana

Hanomboka anio sabotsy ny 1/8-dalana amin'ny fifaninanana baolina kitra "FIFA World Cup 2022" :


Sabotsy 3 desambra:
Amin'ny 6 ora hariva: Pays-Bas-Etazonia
Amin'ny 10 ora alina: Argentine-Australie.

Alahady 4 desambra:
Amin'ny 6 ora hariva: Frantsa-Pologne.
Amin'ny 10 ora alina: Angletera-Senegal.

Alatsinainy 5 desambra :
Amin'ny 6 ora hariva : Japon-Croatie.
Amin'ny 10 ora alina : 1er Groupe G – 2e Groupe H.

Talata 6 desambra :
Amin'ny 6 ora hariva : Maroc – Espagne.
Amin'ny 10 ora alina : 1er Groupe H – 2e Groupe G.


Ny ao amin'ny Vondrona G : dia ahitana an'i Brezila, Suisse, Cameroun ary Serbie.
Ny ao amin'ny Vondrona H : dia ahitana an'i Portugal, Ghana, Korea Atsimo ary Uruguay.
Arak'izany, tsara toerana hiakatra amin'ny 1/8-dalana koa i Ghana, i Cameroun no saro-toerana satria faha-3 tamin'ny vondrona misy azy omaly. Marihana fa tamin'ny alakamisy teo dia nihintsana tao amin'ny lalaom-bondrona ny Mannschafft Allemand na dia nandresy 4-2 an'i Costa Rica aza tao amin'ny vondrona E nisy azy. Ny nandresen'i Japon 2-1 an'i Espagne no tena nampihintsana azy ireo. Voka-dalao andro faha-3 ny vondrona E : Costa Rica 2 – 4 Allemagne, Japon 2 – 1 Espagne. Voka-dalao andro faha-3 ny vondrona F : Canada 1 – 2 Maroc, Croatie 0 – 0 Belgique.


*Nangoron'entana ny Mannschafft Allemand.*

***Rainilita***

Basket 3×3 tompondakan'i Afrika 2022

# Efa manoman-tena fatratra any Le Caire ny Ankoay lahy sy vavy


*Mpilalao basket 3x3 Malagasy any Egypte.*

Efa tonga soa any Le Caire renivohitr'i Egypte tamin'ny talata 29 novambra 2022 teo ny ekipam-pirenena Malagasy lahy sy vavy, hiatrika ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika eo amin'ny taranja Basket-ball 3x3. Hotanterahana ny faha-3 sy faha-4 desambra 2022 ho avy izao, any amin'ity toerana ity ary efa manoman-tena fatratra ao amin'ny kianja "Stade de Al Nasr Club" amin'ny hiatrehana an'izany fifaninanana izany nanomboka tamin'ny harivan'ny alarobia 30 novambra 2022 lasa teo ny Ankoay lahy sy vavy.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy korzety indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao rony izany, na hatao ketsaketsa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny fihinanana ravimbomanga

Ny soa azo avy amin'ny fihinanana ravimbomanga indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.


- Miaro amin'ny aretina prostate sy cancer na homamiadan'ny prostate, no tsara ho an'ny lehilahy misy aretina prostate koa.
- Mampatanjaka ny hery fiarovana.
- Mampilamina ny tahana siramamy , tsara ho an'ny diabetika.
- Miaro amin'ny fahanteran'ny sela.
- Tsara ho an'ny tsinay.
- Tsara ho any'n olona manao constipation, na mitohana.
- Miaro amin'ny fahatsentsenan'ny lalan-drà , fivainganan-drà ary tsara ho an'ny fo.
- Tsara ho an'ny aty.
- Miady amin'ny bakteri sy mikraoba ny enzyme ao aminy.
- Mampihena ny rarintsaina.
- Tsara ho an'ny taolana.
- Mampisy hery.
- Mampatanjaka ny hozatra.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Mandialaza any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro


Ny tanànan'i Mandialaza any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Mandialaza ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny distrikan'i Moramanga. Any atsimo andrefan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Vokatra any Mandialaza ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka.



MADAGASIKARA-ETAZONIA

# Tranonkala vaovao: Hay Natiora, ho fiarovana ny harena voajanahary

Manampy an'i Madagasikara, hitahiry ny zava-manan'aina tsy manam-paharoa ananany i Etazonia. Hisy ny tranonkala vaovao eo anivon'ny tambazotran-tserasera Internet (aterineto), hanavao ny sehatry ny harena voajanahary sy ny fiarovana izany. Miara-miasa amin'ny fampiasana ny teknolojian'ny fampahalalam-baovao i Etazonia sy Madagasikara, mba hiarovana sy hamonjena ny harena voajanahary sy ny harena an-kibon'ny tany malaza eto Madagasikara. Izany dia atao amin'ny alalan'ny tranokala vaovao, izay hanatsarana ny fiaraha-miasa, hifampizaràna fahalalana ary handraisan'ireo mpisehatra amin'ny tontolo iainana fanapahan-kevitra amin'ny alalan'ny fampivondronana angon-kevitra maro samihafa amin'ny toerana iray.


*Biby, anisan'ny mampiavaka an'i Madagasikara.*

Natolotry ny Sampandraharaha Amerikana ho an'ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID) omaly, ny tranonkala vaovao "Hay Natiora'" ho an'ny Birao Nasionaly misahana ny Tontolo Iainana (ONE) eto Madagasikara, izay hitantana izany fitaovan-tserasera izany. Ny tranonkala dia hanamora ny fandraisana fanapahan-kevitra mifototra amin'ny porofo ataon' ny mpitantana ny harena voajanahary, ny mpikaroka ary ny mpanao lalàna sy ny drafitry ny fampandrosoana, indrindra eo amin'ny sehatry ny fiarovana sy ny fampandrosoana lovainjafy.

"Ity sehatra ity dia hanatsara ny fiaraha-miasa eo amin'ireo tompon'andraikitra mitantana ny harena voajanahary, mpanao fikarohana, mpanomana fandaharanasa fampandrosoana ary mampifanaraka ny paikady", hoy ny Tale Jeneraly Mpisolo Toerana an'ny USAID/Madagasikara, Randy Chester. "Ny tranonkala dia hanentanana ihany koa ny fandrindrana ny fampiasana ny tany, ny jono ary ny fitantanana ny faritra arovana, ao anatin'ny sehatry ny fampivoarana nomerika."

Niara-niasa tamin'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy ny USAID, namatsy vola ny fananganana ny tranonkala tamin'ny alalan'ny tetikasa Hay Tao. Ny tranonkala Hay Natiora dia mampifandray ny angondrakitra ara-jeografika, mba hahafahan'ny mpampiasa miditra amin'ny loharanon-karena momba ny tontolo iainana an-tanety toy ny ala sy ny faritra arovana, ny tontolo iainana amorontsiraka sy ny faritra an-dranomasina tantanin'ny faritra, ary ny loharanon-karena momba ny fananan-tany sy ny fampandrosoana. Amin'ny alàlan'ny tranokala, ny mpampiasa dia afaka manao famakafakana habakabaka miaraka amin' ny sarintany ifanakalozan-kevitra. Ho azon'izy ireo ihany koa ny antontan-taratasy ara-dalàna sy ara-teknika avy amin' ny sehatry ny fambolena sy ny fizahantany ary ny harena an-kibon'ny tany.

Miara-miombon'antoka amin'i Madagasikara toy ny "mpirahalahy mianala" i Etazonia, mba hanampy amin'ny fiarovana ny zavamananaina tsy manampaharoa eo amin'ny firenena. Nanomboka ny taona 2013, nanome 60 tapitrisa dolara mahery ny USAID, hampiroboroboana ny faharetana, hanatsarana ny fiveloman' ny vondrom-piarahamonina, hanamafisana ny fitantanana ny harena voajanahary, hampiatoana ny fanondranana biby antsokosoko, ary hiarovana ny ala amin'ny fitrandrahana tsy ara-dalàna.

***Aly***

Masoivoho Amerikanina

# Nanome fanampiana an'ireo zaza kambotin'ny polisim-pirenena


*Ny fanoloran' ny Amerikanina fanomezana, ho an'ireo zaza kambotin'ny Polisim-pirenena any Ambatolampy.*

Tsy nanadino ireo zaza kamboty taizain'ny Polisim-pirenena ao amin'ny Akany Ambatolampy, faritra Vakinankaratra ny Masoivoho Amerikana eto amintsika, fa nitondra ny anjara birikiny amin'ny fanampiana ny Akany .

Fitaovam-pianarana: cahier, stylo,... Sakafo: vary, menaka, siramamy,.. ary kilalao isan-karazany, no fanomezana azon'ny Akany tamin'izany . Tonga nanolotra ireo fitaovana ireo tany an-toerana, ireo Amerikanina miasa ao amin'ny Ambasady, notarihan' Andriamatoa Scott Kimpton, izay nisolo tena ny Ambasadaoron'i Etazonia eto amintsika.

Nitondra ny teny fisaorana sy fankasitrahana ho azy ireo kosa ny Tale jeneralin'ny Polisim-pirenena, izay nisolo tena ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka.


***Stefa***

Taranja Pancrace Malagasy

# Hanova ny rafi-pitantanana rehetra ao aminy

Taorianan'ny nametrahana ôfisialy an'i Commandant Mely Zafindranaivo hitantana ny CMPS "Commission Malagasy de Pancrace et Submission" tamin'ny alahady 27 novambra 2022 teo teny amin'ny kianja mitafon'i Betongolo dia nanambara ity filoha ity, tamin'ny firesadresaha fohy tamin'ny mpanao gazety teny Antaninarenina tamin'ny alakamisy 01 desambra 2022 lasa teo, fa tokony hanova ny rafi-pitantanana ao aminy avokoa ireo ligim-paritry ny Pancrace rehetra misy eto Madagasikara manomboka izao, ka aorianan' izay dia afaka hanatanteraka ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara amin'ny Pancrace amin'izay. Nambaran'ity filoha ity tamin'izany ihany koa, fa hitsangana tsy ho ela ny birao handrafitra an'izany CMPS tantanany izany. Faniriana ihany koa, araka ny nambarany teny Antaninarenina ihany, fa maniry ny hanoratan'ny MJS ny Pancrace ao aminy amin'izay, tahaka an'ireo Federasiôna rehetra misy eto Madagasikara ry zareo.

***Rainilita***



Fanabeazam-boho ny fahasalamana

# Amperinasa ny tobim-pitsaboana « Alfa »

Ny volana martsa 2020 no nahita masoandro ny tobimpitsaboana Alfa: "Arovy mba ho lafatra ny fahasalamana". Ny Médecin chef Raveloson Handry, notronin'ireo mpiara-miasa aminy akaiky no angady nananana sy vy nahitana ny "Alfa", izay miorina, etsy Soanierana ankehitriny.

Tsy mifidy aretina tiliana sy tsaboina ny tobim-pahasalamana "Alfa". Samy tazana eny an-toerana, araka izany, ny sampana mitsabo ny maso, ny nify, ireo aretina matetika mitranga amin'ny Malagasy toy ny "allergie", sohika sy ny fahasemporana (ireo aretina mpahazo ny taovam-pisefoana). Ireto farany izay anisan'ny nandalina manokana izany ny Médecin chef Raveloson Handry. Manana ireo fitaovam-pitiliana ireo singa avy amin'ny olombelona, sy ny fitarafana ny taova rehetra ihany koa ny "Alfa", miampy ny toerampivarotam-panafody eny an-toerana ihany koa. Amin'ny ankapobeny, mahafeno ny fepetra takian'ny tobim-pitsaboana manara-penitra ity miorina, etsy Soanierana ity. Noezahana ho takatry ny sarambabem-bahoaka ny saran'ny tolotra, hoy ireo mpitantana ho fitsinjovana ny Malagasy, izay efa anaty lavaky ny fahantrana sy ny fahasahiranana marolafy.

Nomarihan'ireo mpitsabo, fa tsy afa-misaraka ary ezahan'izy ireo hiray lalana hatrany ny fitsaboana sy ny fikolokoloana ny saina, vatana ary ny fanahin'ireo tonga mitsabo tena ao amin'izy ireo. Mampiavaka ny fifampitondrana eo amin'ireo mpitantana sy ireo mpiaramiasa izay mitotaly eo amin'ny 25 eo ho eo, ny fametrahana hatrany ny "mangaharaha" eo amin'ny lafiny fitantanana ny orinasa sy ny fitaizana ara-panahy amin'ny alalan'ny fotoam-pivavahana ary ny fitaizambatana (Fanatanjahatena). Misy mandrakariva ny fifanakalozan-kevitra hikarohana ny tetika sy paika hoenti-mampiroborobo ny "Alfa", sy ny hanatsarana hatrany ny kalitaon'ny tolotra. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa misy ireo vokatra ketrehan'ireo mpitsabo ao amin'ny "Alfa", izay azo avy amin'ny fampiasana ireo zavamaniry eto Gasikara ho enti-mitsabo ireo tarehy misy tasy toy ny panda sy ny fanalana ireo tavy ratsy. Amperinasa ihany koa ny Onjam-peo "Alfa Radio", eo amin'ny maridrefy 94.6 FM. Natao hanabeazana ny Malagasy ho Olom-banona. Teny fanevany rahateo ny hoe : "Salama ny vatana sy ny fanahy". Hetahetan'izy ireo ny mba hanamaivanan'ny fanjakana ireo hetra takiana, amin'ireo orinasa misehatra ho amin'ny asa sosialy toy ny "Alfa". Enga anie ka mba tsy ho antso an'efitra izany. Jereo ny sosialim-bahoaka Rafanja fa sempotra loatra ny Malagasy, hoy ny hiakan'ireo Valalabemandry fa aza variana amin'ny rendrarendra manodoka fotsiny a !

***Lalasoa Razafindrakoto***



*Ny tobim-pitsaboana "Alfa", teraka noho ny ezaka sy ny fikaonan-dohan'ny samy Malagasy.*

Championnat de Madagascar Scooter 2022

# Ho karakarain'ny TRS eny Ivato amin'ny alahady

Ny Club TRS tarihan'ny filohany Andrianjaka Jean Patrick, no mikaraka ny hetsika "«10e Manche du Championnat de Madagascar de SCOOTER 2022 », ho famaranana ny slalom 2022 eo amin'ny fitondra Moto Scooter eto Madagasikara, ka eny amin'ny toerana malalaka eny amin'ny CCI Ivato no hanatanterahina an'izany rahampitso alahady 04 desambra 2022 . Mpifanandrina miisa 80 any ho any no handrasana eo amin'ny "Championnat" ary hisy koa ny fifaninanana Open Kids vaovao be sy ny fifaninanana Openy classe A sy B, ho tanterahina miaraka aminy.

***Rainilita***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**26/11/2022 hatramin'ny 03/12/2022**

**- RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04

**- FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

**- ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17

**- MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69

**- ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1375-12-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

HETRA ETO AN-DRENIVOHITRA

# Fantaro ireo fanalefahana nataon'i Vazahabe sy ny ekipany

Tapaka tamin'ity herinandro ity tao amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely ny fanalefahana hetra nataon'ny ben'ny tanàna Vazahabe sy ny ekipany, rehefa hetran-trano midangana be no navoakan'izy ireo teo aloha teo.
Tapaka tamin'ny fivoariana ny alarobia teo ny fanovana sy fanalefahana ny hetran-trano ho an'Antananarivo, tapaka nandritra ny fivoriana tsy ara-potoanan'ny Filankevitra Monisipaly, izay nandinihina ny momba ny hetran-trano.
Tapaka tamin'izany fa novaina toy izao ny fanalefahana ny hetran-trano :
10 000 Ar - 100 000 Ar : 10 000 Ar.
101 000 Ar - 200 000 Ar : 20 000 Ar.
201 000 Ar - 500 000 Ar : 60 %.
501 000 Ar - 1 000 000 Ar : novaina ho 60% raha 20% teo aloha.
1 001 000 Ar - 3 000 000 Ar : novaina ho 60% raha 40% teo aloha.
3 001 000 Ar - 5 000 000 Ar : 10 % + 5 000 000 Ar : 5 %.
Nohamafisina ihany koa fa tsy mandoa hetran-trano ny Fiangonana sy ny Sekoly. Io rehetra manana olana hoy ny fanambarana dia afaka manatona ny boriboritany misy azy.

***Aly***



*Ny fivoriana tsy ara-potoanan'ireo Mpanolotsaina Monisipaly eto Antananarivo.*

Tsiroanomandidy

# Hifarana anio ny Festival des Mangues andiany voalohany



*Voankazo manga, anisan'ny mampalaza ny faritra Bongolava.*

Nisokatra tamin'ny fomba ofisialy, ny alakamisy teo ny Festival des Mangues, na hetsika momba ny voankazo : manga, izay tontosaina any Tsiroanomandidy mandritra ny hateloana : ny 01; 2 ary ny 3 desambra 2022. Marihana fa ny fitaleavana iraisam-paritry ny Fizahantany Itasy-Bongolava, no mpikarakara ny hetsika. Izao no natao dia mba hampisongadinana amin'ny eran'i Madagasikara, sy eran'izao tontolo izao ny Faritra Itasy sy Bongolava. Nosafidiana manokana ny manga amin'izao hetsika ara-toekarena sy ara-pizahantany ary ara-kolontsaina izao, noho izy vokatra izay tena mampiavaka an'i Bongolava, ankoatra ny vary. Feno dia feno ny fandaharam-potoana mandritra ny telo andro anatanterahana izao hetsika izao.


***Niaina***

NY VALOSOA VAOVAO
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 414**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0413)

***Mitsivalana***
- Baiboly
- AA – TV
- Ranomaso
- Lany (miv) – Tia
- Karibo
- Ena – N
- Voasary

***Mitsangana***
- Biriky
- Ana
- Ianareo
- Baolina
- Bas(y)
- Ota (miv)
- Itsy – RN (miv)
- Voaray

### TENY MIFANAPAKA N° 414




**Mitsivalana**

**1.** Fitaovana fitsakoana **2.** Malaza fahavaratra – Daroka (miv) **3.** Ilazana ny lava-drano – Leha **4.** Omby (miv) **5.** Fitaovana fakàna rano – Marika **6.** Tsapaina **7.** Mitambatra (miv) – Dokotera **8.** Tsipihina (miv) **9.** Ariary – Mampisafidy (miv) – Sakafo **10.** Malahelo – Fanekena

**Mitsangana**

**A.** Fitaovana moderina **B.** Milaza fotoana – Tsirin-teny Iharana – Repoblika **D.** Ao amin'ny vatana **E.** Renirano – Namokatra (miv) **F.** Hita ao @ fery – Rano maloto **G.** Loko (miv) **H.** Mitempo – Vizana – Ambany toerana **I.** Maneho fahasarana **J.** Maneho oseana – Tsy salama **K.** Maro loko eny amin'ny habakabaka – Gia

### Valiny Teny mifanaraka 0413

**Mitsivalana**

**1.** Vahiny **2.** Ovy - Mama **3.** Amboara - (H)az(o) **4.** Lay - Niteny **5.** Lo (miv) - Sahala **6.** Hao - Rahona **7.** AG - Rano **8.** Na - Tantana (miv) **9.** Antsy (miv) - Rora **10.** Ilaina - Io

**Mitsangana**

**A** Voalohany **B.** Malagasy **D.** Hoby - TL **E.** Ivo - Rana **F.** Nianaranay **G.** Rihana **H.** Matahotra **I.** Sa - Elo - No J. Mananjary K. Vazy - Tao


FANASANA
amin'ny varavarana misokatra
ataon'ny «Cabinet MANASOA»
Lot 506 MA Mandrosoa Ivato
Asabotsy 3 décembre 2022
manomboka amin'ny
12 ora hatramin'ny 4 ora hariva.
Tél.: 034 45 109 93
Tongàva
mizàha ny toerana
sy mifanakalo
amin'ny
mpitsabo.


INVITATION
à la porte ouverte du
«Cabinet MANASOA»
Lot 506 MA Mandrosoa Ivato
Samedi 3 décembre 2022
de 12h à 16h
Tél.: 034 45 109 93
Venez visiter
les locaux
et rencontrer
les professionnels.